**FITSARANA AVO MOMBA NY LALAMPANORENANA**
**------------------------------**

# FAMPITANA MOMBA NY FAMPIELEZAN-KEVITRA

Ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana, amin'ny maha-fitsarana mahefa azy momba ny fifidianana, dia mampahatsiahy ireo mpilatsaka ho fidiana sy ireo komity mpanohana rehetra, ireo manam-pahefana mpanatanteraka, ireo tompon'andraikim-panjakana isan'ambaratongany ary ny vahoaka Malagasy fa :

Araka ny andininy faha-10 amin'ny Lalàmpanorenan'ny Repoblikan'i Madagasikara : *« Ny fahalalahana maneho hevitra sy miteny, ny fahalalahana eo amin'ny fifandraisana, ny fahalalahana manao gazety, ny fahalalahana hiditra aminà fikambanana na hanorina fikambanana, ny fahalalahana hivory malalaka, ny fahalalahana mivezivezy, ny fahalalahana amin'ny fieritreretana sy amin'ny finoana dia samy iantohana ho an'ny rehetra ary tsy azo ferana raha tsy hoe ho fanajana ny fahalalahana sy ny zon'ny hafa sy noho ny fahaterena hiaro ny filaminam-bahoaka, ny fahamendrehan'ny firenena ary ny filaminan'ny Fanjakàna.»*

**<u>Momba ny fampielezan-kevitra amin'ny fifidianana</u> :**

Ny fampielezan-kevitra dia voafehin'ny rijan-teny ao amin'ny andininy faha-55 ka hatramin'ny faha-119 amin'ny lalàna fehizoro laharana faha 2018-008 tamin'ny 11 may 2018 anaovana fepetra ankapobeny mifehy ny fifidianana sy ny fitsapan-kevi-bahoaka.

Ny fitandroana ny tsy fiandaniana sy ny tsy fitanilan'ny sampan-draharaham-panjakana mandritry ny vanim-potoanan'ny fampielezan-kevitra dia sady antoky ny fahombiazan'ny zotram-pifidianana no fanajàna ny voalazan'ny andininy faha-39 amin'ny Lalàmpanorenana. Araka izany :

- Voarara ireo fitokanana ofisialy mandritry ny vanim-potoanan'ny fampielezan-kevitra amin'ny fifidianana. Tsy azon'ny Fitondram-panjakana na Vondrom-bahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana atao ny manao filazana goavana mifandrohy na mikendry ny mba hahazoan'ny antoko politika iray, mpilatsa-kofidiana iray na lisitry ny mpilatsa-kofidiana iray tombon-dahiny, mandritra ny vanim-potoana anaovana ny fampielezan-kevitra (Andininy faha-61 andalana voalohany).

- Voarara ny fampiasana ny loharanom-bolam-panjakana, indrindra ny fampiasàna fitaovam-panjakana toy ny fiara sy ny tranom-panjakana mba hanaovana fampielezan-kevitra amin'ny fifidianana na fitsapan-kevi-bahoaka (Andininy faha-63).

- Ny fampiasana ny loharanom-bolam-panjakana na ny herim-panjakàna hanaovana fampielezan-kevitra momba ny fifidianana dia miteraka

fanafoanana ny vato azon'ny mpilatsaka hofidiana voaresaka, ao amin'ireo toerana izay ahitàna fototra ny fandikan-dalàna (andininy faha- 220),

- Ny fanaparam-pahefana mba entina hanodinana na hanovàna ny safidin'ny mpifidy iray na maromaro dia mahavoasazy dimy (5) ka hatramin'ny folo (10) taona an-tranomaizina sy lamandy Ar.2.000.000 ka hatramin'ny Ar.20.000.000 (Andininy faha- 231)

**<u>Momba ny tsy fiandanian'ny fitondram-panjakana</u>**

Ny tsy fiandanian'ny fitondram-panjakana sy ny tsy fitanilan'ny sampan-draharaham-panjakana dia fehezin'ireo rijan-tenin-dalàna manomboka eo andininy faha 60 sy ny manaraka ao amin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2018-008 tamin'ny 11 mey 2018 anaovana fepetra ankapobeny mifehy ny fifidianana sy ny fitsapan-kevi-bahoaka, araka izao voalaza manaraka izao :

- Voarara ho an'ny mpiasam-panjakana rehetra sivily na miaramila sy mpiasa tsy ao anatin'ny efi-draharaham-panjakana ary ny Vondrom-bahoaka Itsinjaram-pahefana, izay fehezin'ny adidy tsy hiandany, hanana fitozoana, hanao asa mitohy ary am-pahamarinana ny manao fampielezan-kevitra na mampifidy kandidà. Ny tsy fanarahana izany dia sazian'ny andininy faha-227 amin'ny Lalàna Fehizoro voalaza eo ambony ary raha mandray anjara amin'ny fampielezan-kevitra mba hampandany mpilatsa-kofidiana iray, lisitry ny mpilatsa-kofidiana iray na safidy iray dia voasazin'ny faha-60.

- Ny mpiasam-panjakana rehetra sivily na miaramila, ny mpiasa rehetra tsy ao anaty efi-draharahan'ny Fanjakana ary ny vondrom-bahoaka Itsinjaram-pahefana izay mandray anjara amin'ny fampielezan-kevitra momba ny fifidianana, mba hampandany ny mpilatsa-kofidiana iray, ny lisitry ny mpilatsa-kofidiana na ny fisafidianana, amin'ireo ora fiasana dia iharan'ny sazy lamandy Ar.2.000.000 ka hatramin'ny Ar.5.000.000 (Andininy faha-227, andalana faharoa).

- Tsy azon'ny Fitondram-panjakana na Vondrom-bahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana atao ny manao filazana goavana mifandrohy na mikendry ny mba hahazoan'ny antoko politika iray, mpilatsa-kofidiana iray na lisitry ny mpilatsa-kofidiana iray tombon-dahiny, mandritra ny vanim-potoana anaovana ny fampielezan-kevitra (Andininy faha-61, andalana faharoa).

- Voarara ho an'ny olona tsy mpiasam-panjakana misahana asa ambony na asam-panjakana ambaratonga ambony sivily, tsy mpilatsa-kofidiana, ny mizara, amin'ny fanatanterahana ny asany na noho ny fanatanterahana izany, fanohanan-kevitra sy tenimita ho an'ny mpilatsa-kofidiana iray, lisitry ny mpilatsa-kofidiana iray na safidy iray ; ny manaparitaka teny famantarana na kabary mifandrohy amin'ny fampielezan-kevitra amin'ny fifidianana na fitsapan-kevi-bahoaka mandritra ny fe-potoana faharetan'ny fampielezan-kevitra, raha tsy izany dia iharan'ny sazy momba ny ady heloka voalazan'ny andininy faha-219 amin'ny Lalàna fehizoro manankery izy, ho an'ny fandikan-dalàna mikasika ny fampielezan-kevitra amin'ny fifidianana.

  Ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana dia mampatsiahy fa ny fanatrehan'ny Filohan'Andrimpanjakana, mpikambana ao amin'ny Governemanta, manam-pahefana, fampielezan-kevitra na mivantana na an-kolaka dia fandikana ny fitsipiky ny tsy fiandaniana na amin'ny atsy na amin'ny aroa.

- Ny fivoriana am-pahibemaso amin'ny fifidianana, ny diabe, ny mpanotrona, ary koa ny famoriana momba ny fifidianana na fitsapan-kevi-bahoaka dia malalaka saingy tsy maintsy atao ny fanambaràna an-tsoratra mialoha alefa any amin'ny solon-tenam-panjakana mahefa eo anivon' ny toerana voakasika. Marihina fa ny solon-tenam-panjakana dia tokony mamaritra mialoha ireo toerana voatokana hanaovana fampielezan-kevitra mba ahafahana miantoka ny fitovian'ireo mpilatsa-kofidiana araka ny voalazan'ny andininy faha 97 ny lalàna fehizoro anaovana fepetra ankapobeny mifehy ny fifidianana sy ny fitsapan-kevi-bahoaka

- Ny zon'ireo mpilatsa-kofidiana na ireo komity mpanohana azy hiditra main'ny haino aman-jery sy fahitalavitra miankina amin'ny fanjakana dia tsy maintsy alamina manaraka ny fanajàna ny fitoviana sy ny rariny araka ny voalazan'ireo rijan-tenin-dalàna ao amin'ny andininy faha-110 hatramin'ny 112 amin'ny lalàna fehizoro anaovana fepetra ankapobeny momba ny fifidianana sy ny fitsapan-kevi-bahoaka.

Ny tsy fanajàna ireo rijan-tenin-dalàna manankery ireo dia mety mitarika fanalàna an-daharana mpilatsaka hofidiana, na fanafoanana amin'ny am-pahany na manontolo ny vato azony, na fanafoanana ny raharaham-pifidianana ao anatin'ny birao fandatsaham-bato, avy amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana, araka ireo rijan-teny voalaza manomboka eo amin'ny andininy faha-208 amin'ny lalàna fehizoro mikasika ny fepetra ankapobeny momba ny fifidianana sy ny fitsapan-kevi-bahoaka

Ankoatran'ny zo hitory ananan'ireo mpifidy tsirairay, ny kandidà ary ny mpanara-maso, ny Vaomieram-pirenena mahaleo tena misahana ny fifidianana no tompon'antoka voalohany amin'ny fampanajàna ireo foto-kevitra voalaza etsy ambony. Fahefany ny mampahatsiahy ireo tompon'andraikitra isan'ambaratongany ny amin'izay tranga mampiahiahy na tsy fahatomombanana tsikaritra ao anatin'ireo dingana samihafa amin'ny zotram-pifidianana izay entina sy porofoina araka ireo fepetra takian'ny lalàna eo anivon'ny Fitsaràna Avo momba ny Lalampanorenana.

Ny tsy fanarahan-dalàna ataon'ireo mpilatsaka hofidiana na ireo komity mpanohana azy, na ireo mpifidy, na ireo manam-pahefana ara-pitondràna dia tsy maintsy marihin ary porofoin araka ny lalàna ka entina eo anivon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana.

Ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana dia miantso ireo manam-pahefana mpanatanteraka sy ireo tompon'andraiki-panjakana any amin'ny Ministera sy ny andrim-panjakàna, voakasiky ny fikirakirana fifidianana mba hitandro an-tsakany sy an-davany ny fampiharana ireo didy aman-dalàna manan-kery mba ahafahana miantoka ny ny fitovian'ny lentan'ireo kandidà rehetra.

Ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana dia manasa manokana ny vahoaka malagasy mba haneho ny maha-masi-mandidy azy amin'ny alalan'ny fandraisana anjara amin'ny fifidianana araka izay voalazan'ny andininy faha-5 amin'ny Lalampanorenana

***Antananarivo, faha-08 may 2024***